
REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

MINISTERAN'NY FITATERANA SY NY FAMANTARANA NY TOETR'ANDRO
SEKRETARIA JENERALY
FOIBE FAMANTARANA NY TOETRANDRO
FITALEAVANA MOMBA NY ASA FAMANTARANA NY TOETRANDRO
**********************

BP 1254 – Antananarivo 101 – MADAGASIKARA
Tél : +261 (0) 34 94 580 97

# Fampitandremana momba ny alondrano

Novokarina ny : 17 Aprily 2025 tamin'ny 10 ora sy sasany maraina




Tombanana hikorontana ny toetry ny andro an-dranomasina any amin'ny morontsiraka Afovoany Andrefana, Atsimo Andrefana ary Atsimon'ny Nosy noho ny alondrano antonony na vaventy avy Atsimo.

**Tranga ahiana sy toerana hisehoany:**
Hahery ny ranomasina amin'ny ankapobeny. Tombanana ho 2.5/3.5m ny haavon'ny onja, mety hahatratra 4m indraindray.

**Fotoana hisehoany:**
- Rahampitso 18 Aprily 2025 maraina ny eo anelanelan'i Taolagnaro sy Morombe, hiitatra miandalana any Morombe hatrany Maintirano izany manomboka ny takariva.

**Ny mety ho fiantraikany:**
- Fahasarotan'ny fifamoivoizana na faharendrehana an-dranomasina;
- Fikorontanan'ny asa fihariana an-davanandro;
- Ny mety ho fiakaran'ny ranomasina amin'ireo toerana mora tondraka.

**Ireo toerana voakasika:**
- Fampitandremana miloko mavo ho an'ny morontsiraka voakasika.

Entanina ny rehetra mba hanaraka hatrany ny toromarika omen'ny manam-pahefana isan-tokony.

LE PREVISIONNISTE
RAKOTOARIMALALA Lahatra Mampionona
Ingénieur de la Météorologie